Tily sy Mpanazava hatrany hatrany ! Vonona !

Efa misokatra eto amin'ny FLM Paris ny Sampana SKOTO, mirafitra amin'ny FSFLM (Firaisan'ny Skoto eto amin'ny FLM)

ZAVA-KENDRENA :
– Hitaiza sy hanolokolo ary handray anjara amin’ny fampivelarana ny maha olona feno ny ankizy sy ny zatovo ary ny tanora ho: Vavolombelon’i Jesosy Kristy, olom-pirenena vanona, andrin’ny fianakaviana.

FOTOTRA IJOROAN’NY SKOTISMA
– Adidy amin’Andriamanitra

– Adidy amin’ny tanindrazana sy ny namana

– Adidy amin’ny tena

FOMBA FANABEAZANA SKOTO
Fibeazan-tenan’ny tsirairay izay miorina amin’ny

– Lalàna sy fanekena

– Fiainam-bondrona

– Fandaharana mivoatra sy manintona

Izany rehetra izany dia tanterahina ankalamanjana amin’ny alalan’ny lalao (Skotisma dia lalao).

MPIKAMBANA

Ny Mpanazava ho an’ny zazavavy, ary ny Tily ho an’ny zazalahy ka mizara toy izao:

Mpikambana Beazina
Sampana Mavo (6-11 taona)

Sampana Maitso (12-15 taona)

Sampana Mena sy Menafify (16-25 taona)

Nalaitia ao amin'ny Facebook "Fanabeazana Skoto" sy ny tranonkala :
http://loterana-mayagasy.org/sampana-vezana/skoto-fiksmyanana-skoto/